

# NY ANJARA TOERAN'NY FANDINIHANA NY TENY EO AMIN' NY FAMANTARANA NY TANTARAN' NY FARITRA ATSIMO ANDREFAN' I MADAGASIKARA

Atolotr' i

SOLO RAHARINJANAHARY

Lafiny lehibe eo amin'ny tantaram-pirenena ny endriky ny tantaran'ny fari-tra samihafa amin'ny toerana samy hafa. Tsy karazan-tantara eo anilan'ny tantaram-pirenena izany fa tena mandray anjara mivantana sy tanteraka amin'izany. Amin'ny firenena manome lanja manokana ny laha-bolana sy ny lovan-tsofina noho ny tsy fisian'ny soratra firy teo amin'ny fandraiketana ny tantarany dia manana anjara lehibe ny fandinihana ny teny. Ankoatra ny fikarohana ataon'ny archéologie sy ny fandinihana ireo antontan-javatra rakitry ny ela izay vitsy dia vitsy dia ny «talily» na ny lovan-tsofina sy ny «tatara raza» tokoa mantsy no hany sisa fomba ahazoana manadihady ny lasa ary mamantatra ny zava-nisy sy niainan'ny olona taloha.

Tsy handinika amin'ny antsipirihany ny maha-marina na diso ny zavatra ambaran'ny talily sy ny lovan-tsofina isika na koa ny fomba sy ny fepetra isankarazany ahazoana mamantatra ny maha-marim-pototra na tsia azy ireny, fa hanandrana hijery kosa ny maha-zava-dehibe ny fampiasana ny teny eo amin'ny famantarana ny zavatra raketin'ny talily sy ny lovan-tsofina.

Ny zavatra tsara soritana dia ny fahasamihafana eo amin'ny fampiasana ny teny sy ny fampiasana ny talily sy ny lovan-tsofina. Azo anaovan-tanisa sy ampiasaina araka izay itiavana azy mantsy ny talily sy ny lovan-tsofina fa ny teny sy ny fiteny izay enti-mandraikitra azy ireny kosa dia voafetran'ny toejavatra samihafa mifehy ny teny. Ny zavatra izay voalazan'ny talily sy ny lovan-tsofina mantsy, toy ny tantara soratana sy raketina rehetra dia taratry ny rafi-piaraha-monina sy ny rafi-pamokarana ary maneho ny tantara tian'ny mpitantara sy ny mpitalily na ny mpandinika ny tantara, sy ny mpitondra fanjakana

hasongadina. Misy fomba sy endrika samy hafa azo anehoana ny tantara araka izany ary koa ny toe-tsaina sy firehana ara-politika ananan'ny sarangan'ny mpitalily sy mpitantara ary ny mpandinika (1) (2). Ny lovan-tsofina izay mampita ny tantara dia maneho izay zavatra tiana hasehony. Ohatra iray fotsiny angamba, ny filazana hoe : «*Tsy mafy noho ny tany Andriba*» dia azo aseho sy apektaka eo amin' ny tantaran'ny fanoherana ny fanjanahan-tany ary hazavaina araka ny toloom-pirenena iray manontolo. Io filazana io ihany koa anefa dia azo anaovana fitsikerana amin'ny toe-tsaina sy rafitra hafahafa noho izany (3), ka mety tsy hanaraka ny toe-tsaim-piraisam-pirenena aza.

Ny teny sy ny fiteny mandraikitra ny talily sy ny lovan-tsofina kosa raha ampiasaina hoentina manazava sy mamantatra ny tantara dia mametraka mazava araka ny fitsipika mifehy ny teny sy ny fiteny.

Zava-misy ary tsy maintsy hasongadina ary ny fitenim-paritany izay isehoan' ny talily sy ny lovan-tsofina amin'ny faritra iray. Koa raha ny famantarana ny tantaran'ny faritra aty atsimo-andrefana no hasian-teny dia misy toe-javatra vitsivitsy azo marihina sy raisina ny amin'ny fampiasana sy fahalalana ny fitenim-paritany avy aty. Misy lafiny sasantsasany tokoa mantsy eo amin'ny fiteny izay mety hanazava na hametraka olana indray aza momba ny famantarana marina ny tantaran'ity faritra atsimo-andrefana ity.

Mametraka olana lehibe nefa mety manazava ny tantaran'ny fiaviana sy ny fiorenan'ny Malagasy taty atsimo-andrefana — ohatra ny fiteny. Voalazan'i O. Dahl — raha nanazava ny fiovan'ny dikan'ny teny niavian'ny hoe *avaratra* sy *atsimo* — fa taty atsimo-andrefana no niorenan'ny Gasy voalohany avy any atsinanana any (4). Ny zavatra tsapan'ny mpandinika rehetra anefa — ary isan' izany i O. Dahl — dia ny fifanakekezan'ny endri-piteny aty atsimo-andrefana amin'ny endri-teny Aostronezianina Iombonana (ANC) raha oharina amin'ny endri-piteny any avaratra sy atsinanana. Ohatra mahazatra enti-manaporofa izany ireto toe-javatra ara-peo telo ireto :

1) ny fitazonan'ny fiteny aty atsimo-andrefana ny // eo anoloan'ny zana-peo //i/ izay niova ho //di/ kosa any avaratra sy atsinanana :

*bali* ahazoana *valy* aty atsimo-andrefana,

*lima* ahazoana *lime* aty atsimo-andrefana,

fa *vady* sy *dimy* amin'ny fiteny avaratra sy atsinanana.

---

(1) Jean Chesneaux, *Du passé, faisons table rase*. François Maspéro, Petite collection N° 164, Paris, 1976, tak. 30 sy 60.

(2) Ao koa : Germain Rakotonirainy, *Histoire et Lutte de Libération nationale*. Résumé de la conférence de 8 mai 1976 à la «*Journée historique*» organisée par la Société d'Histoire de Madagascar. Hoy izy : «*Il n'y a point d'histoire objective. La classe au pouvoir organise le temps passé conformément à ses intérêts de classe aux fins de la reproduction des rapports sociaux existants*»

(3) Manassé Esoavelomandroso, *Le Mythe d'Andriba*. *Omalv sy Anio* N°s 1-2, Antananarivo, 1975.

(4) Dahl (O.), *Malgache et Maanjan*. Egede Instituttet, Oslo, 1951, tak. 326.

2) ao koa ny fampiasana ny /t/ eo anoloan'ny zana-peo /i/ izay akaiky kokoa ny endri-teny ANC izay lasa /tsi/ amin'ny fiteny avaratra sy atsinanana :  
*putià foty* aty atsimo-andrefana,  
*timu antimo*

fa lasa *fotsy* sy *atsimo* kosa amin'ny fiteny avaratra sy atsinanana.

3) ny fisian'ny zana-peo /e/ aorian'ny tsindrim-peo aty amin'ny fiteny atsimo-andrefana koa, ohatra, dia azo hazavaina amin'ny fihavanany akaiky amin'ny zana-peo /a/ na /e/ (ANC) izay lasa nikombona kokoa ka tonga /i/, ohatra amin'ny fiteny avaratra sy atsinanana :

*lima* nahazoana *lime* aty atsimo-andrefana fa *dimy* any amin'ny avaratra sy atsinanana,  
*enem* nahazoana *ene* aty atsimo-andrefana fa *enina* amin'ny avaratra sy atsinanana.

Raha nisy talohan'ny nahatongavana teto Madagasikara, ohatra, ny firavonan'ny teny Malagasy – izay antsoin'ny mpandinika sasany hoe : *proto-malgache* na koa *malagasy iombonana*, ahoana no hahazoana manazava ny fihavanana akaiky kokoa ananan'ny endri-teny aty atsimo-andrefana amin'ny ANC raha tsy ny toe-javatra eo amin'ny tantara ihany no ifotorana ! Fanontaniana no apetrakay : Taty atsimo-andrefana marina ve no nivantanana voalohany ? Na koa nisy ve ny fifindra-monina nianavaratra, ary nanafo ahoana ny endrik'izany ? Ny rafi-piainana sy ny rafi-pamokarana amam-piarahamonina ve no nitarika ny fifanavahana eo amin'ny fivoaran'ny teny amin'ny fiteny andrefana sy atsinanana eto Madagasikara ?

Fanontaniana toy izany no entinay mametraka ny anjara toeran'ny fandinihana ny teny eo amin'ny famantarana ny tantara. Ary satria ny faritra atsimo-andrefana no ifotoran'ny resaka, dia hosoritana tsotsotra eto ny toetoetran'ireo fitenim-paritany amin'ity faritra ity, ka ny lafiny ara-peo indrindra – izay efa nenti-nanasokajy ny fiteny avaratra sy atsinanana ary ny fiteny atsimo sy andrefana – no hanamarinana izany. Azo ampiasaina ho fombam-pamantarana sy fanamarinana ny lovan-tsofina sy ny talily mantsy ny famaritana ny endripitenim-paritany (5).

Rehefa voavaka amin'ny fiteny avaratra sy atsinanana ary ny fiteny atsimo sy andrefana eto Madagasikara dia tsara ny mametraka ny mety ho fitsinjazarana izany. Azo avahana ho telo ny fitenim-paritany aty atsimo-andrefana, dia ny fiteny *atsimo-andrefana tanteraka*, ny fiteny *afovoany-andrefana*, ary ny fiteny *mandray roa amin'ny andrefana sy atsinanana*.

1) Ireo fiteny farany<sup>4</sup> atsimo-andrefana dia voamariky ny fisian'ny feo ambavatraoka /ʔ/, ary koa ny fampiasana ny zana-peo /e/ mandrakariva amin'ny faran-teny : *-ke*, *-tse*, *-ne* ; ohatra : *ty tsy ihinana?ay Tanároy?o sokake eo, sokake, rarietse, veloñe*.

---

(5) *Fitenim-paritany*, amboara 2, B.E.P.-O.T.E.P., Antananarivo, 1976.  
Rajaonarimanana (N.), *Esquisse d'une typologie des dialectes malgaches*, Antananarivo, 1977.

Ao anatin'izany vondrom-piteny izany : fiteny tandroy, mahafale, tañalana ary vezo. Samy manana rafitra sy toetra manavaka azy avy arakaraka ny am-baratongam-pandinihana izy ireo. Ohatra : ny fiteny vezo dia miavaka amin'ny fampiasana ny feo /ts/ sy /dz/ ary /nts/ sy /ndz/ ho solon'ny /tr/ sy /dr/ ary /ntr/ sy /ndr/ amin'ny fiteny hafa : *anjo/andro, tsano/trano...* Ankoatra izany dia manavaka ny fiteny vezo amin'ny hafa iray vondrona aminy ny tsy fisian'ny feo /ñ/.

2) Ireo fiteny afovoany-andrefana kosa dia voafaritry ny tsy fisian'ny feo am-bavatraoka ary koa ny fampiasana ny zana-peo /e/ na /i/ amin'ny faran-teny. Ohatra *tapake/tapaky, reketse/reketsy*.

Ao anatin'izany vondrom-piteny izany ny fiteny masikoro sy sakalava atsimo.

3) Ireo fiteny mandray roa amin'ny andrefana sy atsinanana dia ny fiteny bara sy tanosy izay samy tsy mampiasa ny zana-peo /e/'aorian'ny tsindrim-peo, nefa kosa dia samy mitana ny renifeo /i/ eo anoloan'ny zana-peo /i/ ; ohatra : *valy, taly*. Ny toe-javatra voalohany dia iombonany amin'ny fiteny tatsinanana fa ity faharoa kosa dia iraisany amin'ny fiteny atsimo sy andrefana.

Ankoatra izany dia samy mampiasa ny faran-teny *-ts* izay manavaka ny fiteny atsimo-andrefana izy ireo, nefa dia mampiasa koa ny renifeo /ts/ eo anoloan'ny zana-peo /i/ toy ny hita amin'ny fiteny atsinanana sy avaratra. Ohatra : *sarotsy, fotsy, ratsy*. Saingy ny fombam-panononana ny feo /ts/ dia misokatra kokoa ka lasa an-dohalela ary misioka /s/ *sarosy, fosy* ary *rasy*.

Mazava loatra fa toetra vitsivitsy misongadina amin'ny maro izay ilàna fandinihana sy fandalinana manokana isaky ny fiteny ireo notanisaina ireo ka azo amaritana ny fiteny aty atsimo-andrefana amin'ny ankapobeny.

Maro samihafa ny mety ho endriky ny lovan-tsofina, ka na karazam-«tampasiry» izy ireny na «tatarà raha», na «ohabola» ary mety ho laha-bolana mirindra. Mety ho anarana ihany koa anefa izy ireny toy ny anaram-panjakana sy foko izany, na koa anaran-tanàna. Endrika iray amin'ny lovan-tsofina tokoa mantsy ny anarana satria mety mirakitra ny tantara ; ohatra ny teny hoe *sakalava, masikoro* na *mahafale* sy *Toliara* dia azo antoka fa anarana mirakitra tantara.

Ny fomba fitanana sy fandraiketana an-tsoratra ireny lovan-tsofina ireny no ahitana olana matetika eo amin'ny famantarana ny tantara. Eo aloha ny fifangaroan'ny fiteny izay mety hiteraka fiovana amin'ny teny ampiasain'ny mpitantara ary misy koa ny fitadiavana hampanara-pitsipika ireny «talily» sy anarana ireny, ka ny rafitra hita amin'ny malagasy ofisialy (m.o.) no handraiketana ny zava-misy amin'ny fitenim-paritany. Izany toe-javatra izany, ohatra, no hitantsika amin'ny fampiasana ny anaran'ny foko na fanjakana *mahafale*, ary koa amin'ny fiovana mihatra amin'ny anaran'ny tanànan'i Toliara izay hoezahana hazavaina eto.

Hita amin'ity fandinihana ny anaran'ny tananan'i Toliara ity avokoa ny olana samihafa mipetraka amin'ny famantarana ny zava-boaraikitry ny teny ary ny fanazavana ny tantara avy amin'izany. Tsy mba azo hamarinina eo no ho eo na hita mivaingana ka iainan'ny be sy ny maro mandavataona mantsy ny toe-javatra hita amin'ny teny hoe : *Toliara*. Misy olana mila vahana toy ny hita amin'ny anaran'ny ankamaroan'ny renivohi-paritany eto Madagasikara amin'izany satria ankoatran'ny fiovana na ny fivoarana tsotra eo amin'ny teny dia niharan'ny fanovana nentin'ny fanjanahan-tany tamin'ny filazana ny anaran-tany eto ; toy ny hita amin'ny hoe *Majunga* na *Ma'ajanga*, *Tananarive* na *Antananarivo*.

Raha handinika ny anaran'ny tananan'i Toliara isika dia heverinay fa tsara ny hanazavana ny tolo-kevitra samihafa momba ny fiaviana sy ny hevitr'izany anarana izany, avy eo isika vao hitsikera ireny fiheverana samihafa ireny ary hanolotra soso-kevitra avy amin'ny fandinihana ny teny sy ny petra-kevitra ara-tantara ny nety ho fampiasana manakaiky ny zava-misy marina ny anaran' i Toliara. Ny fomba famantarana ampiharinay amin'izany dia mazava loatra fa mitety vanim-potoana, izany hoe fanazavana sy famantarana niainga avy amin'ny toe-javatra nifandimby teo amin'ny tantara.

Raha ny zava-boalaza momba ny anaran'ny tananan'i Toliara no fintinina dia azo heverina fa misampana roa ny hevity ny maro, izay hita amin'ny fitadiavana hampanoratra ity endrika iray ity na itsy endrika iray itsy. Ankoatra ny fomba fiteny sy fanoratra nataon'ny mpanjanatany hoe : *Tuléar*. Izay hodi-nihintsika avy eo dia misy manao hoe : *Toliary*, ao ny manao hoe : *Toliara*, ary misy aza ny manova hoe : *Tiliary*. Miovaova araka ny mpiteny sy ny mpanoratra ny fomban'anaran'ny tananan'i *Toliara*. Ho an'ny mpandinika ny teny sy ny mpiteny dia tsy misy olana firy akory izany toe-javatra izany satria fantatra fa na dia mety miovaova aza ny fomba enti-manambara dia tsy manova ny zavatra ambara akory izany, fa fantatry ny mpiteny sy ny mpihaino ary koa mpanoratra sy ny mpamaky fa « ilay renivohi-paritany atsimo-andrefana eto Madagasikara » no ambaran'ireo endri-teny mifanovanova ireo.

Ny manahirana ary isan'ny miteraka ny olana samihafa dia ny fitadiavana hametra ara-pitsipika ny fampiasana ny anaran-tany iray, ka hanamarinana na handisoana ity fomban-teny ity na itsy endri-teny itsy. Eo amin'ny fomba fanoratra indrindra no tena ahitana io olana io, satria ny soratra dia mandraikitra ny zavatra ambaran'ny teny ka manan-danja amin'ny fampitana eo amin'ny tantara mifandimby ny tena zavatra ambaran'ny teny. Ny teny ampiasaina am-pifandraisana toetra kosa dia mandalo sy miserana vetivety ihany eo amin'ny samy mpiresaka na eo amin'ny mpiteny sy ny mpihaino na dia amin'ny fampielezam-peo aza ka voafetra ihany ny lanjany eo amin'ny tantara, ary tsy azo ananganam-pitsipika hentitra. Koa raha hamahavaha ny olana amin'ny famantarana ny anaran'ny tananan'i Toliara isika dia tsy hitady mihitsy hameotra ny fampiasan'ny mpiteny na ny mpiresaka ny anarana hoe : *Toliara*, fa

handinika kosà ny naha-Toliara an'i Toliara araka ny zavatra hita eo amin'ny tantara ka hazavain'ny fandinihana ny teny (6).

Mba hampazava ny fandinihana dia avahanay eto avy hatrany aloha fa ny endri-teny hoe *Tiliary* na *Tiliara* dia efa fiovana na fanovana lavitra ny endri-teny fototra, ka mety ho avy amin'ny fanagasiana indray ny *Tuléar* ny *Tiliary* satria *Tuléar* teny frantsay saingy tsy hain'ny gasy ny feo /y/u amin'ny *Tu*, ka nataony /i/ ; ankoatra izany dia efa /i/ no mahazatra amin'ny *li* vanin-teny faharoa ka tsy sarotra ny mamerina ny /i/ amin'io vanin-teny io. Tsy dia hanitatra ny fanazavana io endri-teny io izahay satria toa endri-teny voafetra ihany ny fampiasana azy eo amin'ny mpiteny ary tsy misy manoratra io endri-teny io mihitsy akory ny olona. Noho izany dia mbola azo heverina ho endri-piovana na fanova voafetra ihany io *Tiliary* io.

Raha efa izany fanavahana voalohany izany dia handray ny endri-panazavana samihafa ny anarana hoe : *Toliara* isika, ka ny lafiny ara-tantara eo amin'ny vanim-potoana samihafa no hametrahantsika izany. Azo antoka fa efa nisy taon-jato telo na efatra na mihoatra aza no naha-Toliara an'i Toliara. Ny sarintany nataon'ireo mpijirika sy mpiantsambo ary mpizahan-tany nalaza tamin'izany fotoana izany no ahazoana antoka izany. Misy tokoa mantsy ny sarintanin'i Madagasikara toy ny nataon'i Danville tamin'ny 1749 ka ahitana ny anarana hoe : *Tulléa* eo avaratry ny helo-đrano lehibe nantsoina hoe : *Saint-Augustin* ary ny renirano natao hoe : *Ong Lahé*. Hita fa tena ny tananan'i Toliara tokoa io voatondro io. Toy izany koa no hita amin'ny sarintany nataon'i Thornton tamin'ny 1703 ka nanoratany hoe : *Toléar* (7). Azo lazaina araka izany fa manantantara tokoa ity tananan'i Toliara ity matoa voarakitry ny sarintany tranainy toy izany ary mbola nahatahiry ny anarany tsy miova toy izany hatramin'izao.

Inona no azo ambara momba ireo endri-teny voarakitry ny ela ireo, saingy ny fomba enti-manambara azy no tsy mitovy. Samy manana ny fomba fandikana an-tsoratra ny zavatra ren'ny sofiny ireny mpijirika tamin'ny taon-jato faha-16 sy faha-17 ireny ka ny rafi-peo fampiasa eo amin'ny teniny avy sy ny fomba fanoratra ireny no nanoratany ny feo reny amin'ny teny samihafa izay hitany. Koa hafa araka izany ny fomba fanoratry ny Espagnol ny teny tononiny amin'ny rafi-peo espagnol ary hafa koa ny an'ny Frantsay sy ny Anglisy. Ny zana-peo voalohany aorian'ny renifeo voalohany amin'ny anarana hoe : *Toliara* dia misy manoratra *o* ary misy manoratra *u*. Azo heverina fa fomba

---

(6) Misy avy hatrany angamba ny hanome tsiny anay amin'ny safidy nataonay sahadry amin'ny fampiasana ny hoe : *Toliara*. Heverinay anefa, satria tsy maintsy mampiasa endri-teny iray izahay amin'izao fandinihana izao, fa raha azo atao ny manome ny hevitra ny mba misafidy mialoha ka tsy hanafintohina ny sasany dia ny endri-teny hoe : *Toliara* no akaiky indrindra ny fanazavana azonay sy ny toe-javatra ambaran'ny tantara.

(7) P. Vérin, *Les échelles anciennes du commerce sur les côtes nord de Madagascar*. Service de reproduction des thèses, Université Lille III, 1975, tak. 132 sy 140.

fanoratra ny zana-peo /u/ ireo ka ny Malagasy ohatra no manoratra o ny feo /u/ satria izany no nandraiketana azy ; ary ny Anglisy no manao hoe : u sy u satria izany no fiteny sy fanorany.

Tsy dia misy olana loatra akory araka izany ny famantarana io vanin-teny voalohany io ho /Tu/, izany hoe araka izany fanononantsika malagasy ny teny *Toliara*. Ny olana faharoa dia ny famantarana ny vanin-teny faharoa *le na lie* amin'ny hoe *Toléar* sy *Tulléa*.

Eto dia hita fa ny zana-tsoratra *e* miaraka amin'ny renisoratra *l*, izay mety hiara-droa ny fanoratan'ny sasany azy dia ny zana-peo /i/ no adikany amin'ny fiteny anglisy tokoa mantsy, ohatra, dia mety ho /i/ no ambaran'ny zana-tsoratra *e* ; ohatra *to be or not to be*. Ny zana-tsoratra *e* eto araka izany dia mety azo vakina ho /i/. Ny rafi-peo manaraka sisa dia tsy ahitana olana firy afa-tsy ny fanoratana ny vanin-teny farany izay tsy mitondra zana-tsoratra. Io toejavatra io moa dia fahita amin'ny fomba fanoratan'ireny vahiny sy mpizahatany ireny ny teny malagasy izay mandatsaka matetika ny zana-peo na vanin-teny farany.

Raha fintinina dia tsy isalasalana fa rafi-peo /*Tuliàra*/ manondro ny tananan'i *Toliara* no nosoratan'ny olona samihafa hoe *Tulear* na *Tulléa* ary avy amin'izany no nakan'ny mpanjana-tany ny fampiasana ny hoe *Tuléar* ka mbola tafita hatramin'izao fotoana izao.

Ny mahagaga anefa dia izao : tsy dia voaresaka loatra i *Toliara* eo amin'ny tantara na ny fanadihadiana momba ny fanjakana taty atsimo-andrefana na dia hita amin'ny sarin-tany tranainy aza. *St-Augustin* izay helo-drano fantadaza ivoahan'ny vavaranon'i Onilahy no voalazan'ny tantara matetika ary efa ela no nanamarihan'ny mpiantsambo mpijirika ary na mpizahatany aza. Voaresak'ireny fitantarana malaza sady tranainy ireny i Soalara izay nisy nilaza fa mety ho io no *Toliara*. Izany hoe mety ho iray ihany i *Toliara* sy *Soalara* na *Toliary* sy *Soalary*. Marina fa mety misy fifandraisam-peo mampifanakaiky ireo teny ireo dia ny zana-peo *o* am-piandohana aorian'ny renifeo voalohany, avy eo koa ny renifeo anivon-teny *l* ary ny vanin-teny farany *-na* na *-ri* amin'ny hoe *Soalara*, *Toliara*, na *Soalary*, *Toliary*. Samy zana-peo sosona koa ireo teny ireo. *Oa* amin'ny *Soalara* ary am-piandohan-teny, izany hoe alohan'ny tsindrim-peo saingy *ia* kosa amin'ny *Toliara* sady anivon-teny, izany hoe mandray tsindrim-peo.

Na dia eo aza anefa izany fifanandrifian-javatra samihafa izany dia samy hafa mihitsy ireo tanàna roa ireo ary samy manana fombam-pivoarana nitokana na nanavaka azy avy. I *Toliara* dia avatraty ny *Onilahy* fa i *Soalara* kosa dia atsimony. *Toliara* na dia tsy renivohi-panjakana aza taloha dia nivoatra haingana kokoa noho izy nanakaiky ny fanjakana avaratra, na ny an'ny Masi-koro izany na ny an'ny Bara sy ny Betsileo ary ny Merina. *Soalara* kosa na dia atsimon-drano aza dia azo lazaina fa toeram-pifandraisam-barotra nalaza sady tena nanolotra ny vavaranon'i Onilahy sy ny helo-dranon'i *St-Augustin*. Tao ihany koa no azo lazaina fa nisy seranana iray nanondrana harena ambanin'ny

tany. Samy hafa mihitsy araka izany ireo tanàna ireo izay samy nanana ny maha izy azy avy sy ny fivoarany teo amin'ny tantara.

Raha fampiasana ny anaran'ny tananan'i Toliara tamin'ny andron'ny fanjahan-tany no hasian-teny dia hita fa ny famerana ara-pitsipika ny fomba hanoratana io teny io ary ny fampanaovana ny vahoaka hanaraka sy hampiasa io fomba io no tena nisongadina, ka ny endri-teny hoe *Tuléar*, dia noraiketina satria manana endrikendrika vazaha. Araka ny nolazaintsika teo moa dia mety ho avy amin'ny fomba nanoratan'ny mpiantsambo sy ny mpijirika taloha no nakan' ny Frantsay io fomban'anarana io.

Azo marihina eto araka izany fa tsy ny vahoaka loatra akory no nampihatra io fomban-teny io satria izy tsy nanoratra firy, ary raha miresaka aza izy dia tsy hainy ny mampiasa ny rafi-peo /y/ amin'ny /Ty/ *Tuléar* ka dia ny fomban-teny malagasy ihany no azy. Mifanindrana teo izany ny fampiasana ny rafi-peo vahiny sy ny rafi-peo malagasy. Ny mpanao raharaham-panjakana ary ny saranga ambony iray taminy na miasa miaraka tamin'ny mpanjana-tany ny endrika hoe *Tuléar*, fa ny vahoaka kosa dia *Toliara* ihany.

Ary satria nanjaka fa tompon'ny fahefana ary nahery vaika fa nitady hana-pepo ny olona zanahiny ny mpanjana-tany dia hainy ny nampita hatramin'ny androntsika izao io endri-teny io. Nisy vanim-potoana tokoa moa niheverana fa mahamenatra ny nampiasa ny anarana malagasy sady nifanitsy amin'ny fanabokana ny maha-Malagasy sy ny «zavatra gasy» izany, ka mora ho an'ny tetiky ny mpanjana-tany ny nampiditra ny endri-teniny ka dia raikitra ny hoe *Tuléar*.

Tsy hitsikera ny fampiasana izany endri-teny izany amin'izao fotoana izao isika fa hanamarika fotsiny kosa fa dingana iray amin'ny tantaran'ny anaran'i Toliara ny nandraiketan'ny mpanjana-tany ny hoe *Tuléar* izay azo antoka fa hanovana ny endri-teny malagasy araka ny nanazavantsika azy teo. Koa raha misy fitadiavana hanagasy ny anaran-tany amin'izao fotoana izao, dia ilaina ny mamaritra ny zava-misy marina amin'ny famantarana ny anarana malagasy.

Ny fanontanianana mipetraka dia ny hoe : Iza àry no izy *Toliary* sa *Toliara* ary avy aiza avy sy inona no mety ho hevitr'ireo endri-teny ireo, satria toa samy fampiasa.

Toe-javatra tokana no azo asongadina avy hatrany dia ny maha endrika kamban-teny ireo endri-teny ireo ; izany hoe : na *Toliary* no izy na *Toliara* dia avy amin'ny fanakambanan-teny ireo ka ny *toly-* no mikambana amin'ny *ary* amin'ny *Toli-ary*, ary amin'ny *ara* amin'ny *Toli-ara*.

Ny amin'ny hoe *Toliary* dia misy manao hoe : «mpisolo toerana hono ny àry toy ny àtsy na àto, ka ny àry dia avy amin'ny *arÿ*, *toli-arÿ*, saingy nifindra eo amin'ny zana-peo /a/ misokatra indrindra ny tsindrim-peo ka lasa *Toliàry*». Toy izany koa no nambaran'ny talily azonay tamin'ny fikarohana nanontanianay ny «olo-be» sasantsasany teto Toliara, saingy fomba fitantana nifangaro no nilazany azy ka sarotra ho raisina avy hatrany. Manaraka



izany dia heverinay fa faminavinana tsy mitombona ny filazana fa avy amin'ny *toli-ary* ny *Toliary* ka mpisolo toerana ny *àry* / *arỳ*. Tsy mitombona hoy izahay, satria tsy misy mpisolo toerana *ary* mihitsy ny mpisolo toerana amin'ny fiteny aty atsimo andrefana, fa zana-peo sosona *-oa* na *oy* no fampiasa amin'ny zana-peo farany mifamaly amin'ny zana-peo tokana mandray tsindrin-peo amin'ny m.o. *ary* ; ohatra : *aty* / *atoa* / *atoy* ; *ary* // *aroa* / *eroy*, *ery* // *eroa* / *eroy*...

Noho izany raha mpisolo toerana ny *àry* amin'i *Toliary* dia na avy amin'ny *Toli-aroa* izy io na avy amin'ny *Toli-aroay* kanefa dia tsy hitanay ny mety hahatanterahan'izany fiovana izany. Heverinay fa fampifangaroam-piteny no nahatonga ny filazan'ny sasany hoe : «avy amin'ny *Toli-ary* ny *Toliàry*». Mety ho avy amin'ny *any* ihany koa ve ny *àry* amin'ny *Toliary*, ka ny *n* no miova ho *r*, izany hoe : *Toli-any* nanjary *Toli-ary*. Heverinay fa mbola soso-kevitra tsy mitombona ihany koa izany satria toe-javatra tsy dia fahita izany fiovana'ny *n* ho *r* izany sady tsy mety ho *any* na oviana na oviana koa akory ny mpisolo manambara toerana amin'ny fiteny aty atsimo andrefana fa na *ane* no izy na *ano*, mifamaly amin'ny *any* na *arỳ* amin'ny fiteny tatsinanana. Izany moa dia toejavatra fahita ary mipetraka ho fitsipika aza amin'ny fanavahana ny fiteny tandrefana sy tatsinanana eto Madagasikara, ka ny zana-peo *e* manaraka ny vaninteny mandray ny tsindrim-peo amin'ny fiteny tandrefana dia mifamaly mandrakariva amin'ny zana-peo *i* amin'ny fiteny tatsinanana ; ohatra *iñe* / *iñy* = *iny*, *màte* / *màty*.

Noho izany dia tsy avy amin'ny fikambanan'ny *Toly* amin'ny mpisolo manambara toerana *any* na *ary* akory ny *Toliary* fa hafa noho izany.

Hoy ny filazana nomen'ny mpitantara iray teto Toliara raha nanazava momba ny hoe «Vezo» izy.

«Talily taloha tamy ty raza matoe : «Nisy tsioke nahere baka antimo ane, la nisy olo roe lahy nihaza fia, nandese tsioke mahere ine niveve nanavaratse. Tampiko nisanjatse rozy le a Nosy ve andrefa Anakao ene. Tsy nisy hane ho nihanen-jozy, anja rano mamy ninome : «Hajobo ty laka njaika tsika hiveve manavaratse tsy ho mate mosare eto avao». Ka io tanjify ty vavarano be vata io ie soro ty rano : «Vezo lehiroa, tsika toly an-daboy etoa ho an-dovo aroy tsy ho azon--tsioke njaike. Olo roe naveve tsioka, vezo reo. Ka Toliara zao tsy Toliara taloha la Kotsaoka ty anara e, fitoli avao io, toly an-tete ene ty laka fa io mikotsaoka fa mahazo faseke, mahazo tane mahere. Fa nibe tane toy, la toly an-kara ty lamaly («sambo»). Hara eo : mitiry an-jiaka ene manazava ty rano lalike njake ty marivo ; baka Anjoka ane hara volaneko toy tsy tampetse nja a Toliara etoa. Misy vavarano be vata njake laleke, nja ty sambo be vata iaby le militse an-tete atoy, fa tsy misy saha be vata manahake ty etoa azay maha Toliara aze eo». (8) Amin'ny tantara raza atolotray teo dia hita misongadina fa ny maha seranana na fitodiana azy no zava-dehibe amin'ny tananan' i Toliara ka na *Kotsaoky* na *Toliara* dia toerana tsara itodiana'ny sambo sy ny lakana

---

(8) Fanazavana nomen' i Karamaly Bernardin, Toliara.

ary ny botry i Toliara ka avy amin'izany no azo anazavana ny niavian'ny anarana hoe : *Toliara* avy amin'ny hoe *Tolihara*. Inona avy ary ny fivoaram-peo mety ho hita sy nihatra tamin'ny teny hoe */tolihara/* io, ary inona no dikany. Araka ny maha-fanakambanan-teny azy dia azontsika avahana ny fanazavana ny fizarana roa hita ao dia ny hoe */toli/* sy ny hoe */hara/*.

Ny teny hoe *toly* moa araka ny fanasokajiana ny fiteny samihafa eto Madagasikara nambarantsika teo dia endri-teny tandrefana mifamaly amin'ny hoe *tody* amin'ny fiteny tatsinanana ka ny heviny dia hoe : « tonga amin'ny tanjona iray na seranana iray » Araka izany dia matoan-teny foto-teny ny hoe *toly* mitovy amin'ny : *toly raho*, *toly ireo*. Heverinay fa tsy dia nahitana fiovana firy ka tsy dia saro-pantarina ny hoe *toly* amin'ny *tolihara*, indrindra moa eo amin'ny fanononana azy fa ny manoratra na ny tsy nahare firy marina ny teny no mety ho nanova izany. Misy tokoa mantsy ireo manoratra *Tolera* izay ahitana ny fanovana ny zana-peo *i ho e*. Toe-javatra tsy dia fahita io fa tena fivahan'ny fanononana mihitsy satria tsy miova ho *e/* mihitsy ny *i* miaraka amin'ny *l* toy izay hita amin'ny hoe *toly* amin'ny fiteny aty amin'ny faritany atsimo andrefana, satria manavaka ny *li* mifamaly amin'ny *di* amin'ny fiteny tatsinanana. Ka ny *i* amin'ny *vali* mifamaly mitovy hevitra amin'ny *vadi* amin'ny fiteny tatsinanana dia tsy miova ho *e* na oviana na oviana satria manavaka tanteraka mba tsy hifangaroany amin'ny *vale* mifamaly mitovy hevitra amin'ny *valy* (« valin-teny ») amin'ny fiteny tatsinanana. Hafa ny *valy* ahazoana ny *mi-valy* amin'ny hoe *mirovaly* sy ny *vale* ahazoana ny *namale*. Koa raha *toly* mifamaly mitovy hevitra amin'ny *tody* no eto dia tsy afaka hiova ho *e/* na oviana na oviana ka hanjary *Toliara*. Ohatra iray hafa ka ahazoana manaporofonana izany toetra sy endrika manavaka amin'ny zana-peo *i* miaraka amin'ny *l* ahazoana ny *li* amin'ny fiteny aty atsimo andrefana izany ny toe-javatra hita amin'ny teny manambara ny foko iray aty atsimo-andrefana dia ny *Mahafale*. Heverinay fa raha avy amin'ny foto-teny *faly* mifamaly mitovy hevitra amin'ny *fady* amin'ny fiteny tatsinanana no ahazoana io anarana io miendrika matoan-teny io, ka ny *Mahafaly* dia izay *mahafady* izany hoe « *mahatandrina ny fady* », dia tsy afaka hiova ho *e* mihitsy ny *i* eto satria manavaka tanteraka ny zavatra ambaran'io toe-peo io. Hafa kosa ny toe-javatra raha *fale* mifamaly mitovy hevitra amin'ny *faly* (« ravoravo ») amin'ny fiteny tatsinanana no niavian'io teny io. Hafa tokoa satria mety manova ny tantara izany satria manankasina ny teny ary ahazoana manazava zavatra maro eo amin'ny tantara. Ny azo antoka dia ny hoe : *Mahafale* no ampiasain'ny tompon-tany mpitantara fa ny fanononana mifangaro ary ny fitadiavana hampanaraka lavitra iray ny fiteny no nahatonga ny fanoratana hoe : mahafaly izay mety mitarika fanazavana diso taty aoriana.

Araka izany dia azo heverina fa ny *toly* milaza ny fahatongavana na ny fahatratrarana ny tanjona iray no hita amin'ny *toliara* fa fanovana nentin'ny soratra araka izay rafitra nironany no nahatonga azy ho *Tuléar* na *Toleara*.

Rehefa mazava ary izay ny *toly* sy ny mety ho fiovana nihatra taminy dia handray ny ilany faharoa amin'ny teny mikambana aminy isika dia ny

*ara* ary hanazava ny fiovana mety nahatonga ny fahasarotana tamin'ny famantarana io teny io. Araka ny talily teo ny *hara* dia milaza «ilay vato mitandavana lava be mitsiry eny anivo-dranomasina andrefana manamorona ny moron-tsirak'i Toliara» ary raha mipetraka ny fanontaniana manao hoe : *toly aia* ? na hoe : *toly ino* ? dia heverinay fa mipetraka tokoa ny valiny hoe : *toly ihara na toly hara*, satria malaza ary fantatra efa hatramin'ny taon-jato maro, iny hara eto Toliara iny ary tena mazava ny nambaran'ny mpitantara teo ny amin'izany. Ny toe-javatra ara-peo mety hilana fanazavana eto dia ny fiovan'ny *hara* ho *ara* ka ny *toli'hara* nanjary *toliara*. Ataonay fa toe-javatra fahita ny filatsahan'io renifeo io, indrindra moa ampiandohan-teny. Mety milatsaka eo am-panononana tokoa mantsy ka tsy re matetika io feo /h/ io toy ny hita amin'ny *hevitra* izany na *holy*.

Hamintinana azy araka izany dia heverinay fa ny endri-teny hoe *Toliara* no endri-teny fampiasa mety manakaiky indrindra ny endri-teny azo hazavaina amin'ny niavian'ny anaran'ny tananan'i (9) *Toliara* dia ny hoe *Toli'hara*. Tsy mitady hametra ara-pitsipika mihitsy ny fampiasana ny anaran'ny tananan'i *Toliara* izahay tamin'izao fandinihana izao, tsy anjaranay izany ary tsy ao anatin'ny eritreritray mihitsy ; fanazavan-kevitra araka ny zava-misy voarakitry ny teny no nataonay, izay nohamarininay araka ny endrika sy ny lalanan'ny teny ihany fa tsy nisy natentina avy aty ivelany. Koa raha misy ny safidy sy ny fanapahan-kevitra ny amin'ny fampiasana ny anaran'ity renivohiparitany ity dia famahavahana fotsiny ny nataonay teto mba hampitombina ny safidy sy izany fanapahanay handraiketana azy izany. Koa na ho *Toliary* no hampiasaina na ho *Toliara* na eo amin'ny soratra izany na eo amin'ny fiteny fampiasa amin'ny an-davanandro – indrindra ao amin'ny fampielezam-peo – dia nohamafisin'ny fanazavana araka ny fandinihana ny teny teo fa *Toli'hara* no anarana niavian'ny endri-teny hafa rehetra.

---

(9) Ny filazana manao hoe : «Fiherena no maha toly ary» dia avy amin'ny namiliana ny ranon'i Maninday hiherina hianavaratra ka manafaka ny tananan'i *Toliara* amin'ny ranirano, indrindra amin'ny fotoana fisondrotan'i Maninday. Tsy misy fifandraisan-teny mivantana eto fa dia fanazavana ny fifandraisan'i *Toliara* amin'ny fiherena.